


TORITENY - ALAHADY faha-15 TSOTRA TAONA D 2022



“Mandehana àry, ka manaova toy izany koa”.

Ry kristianina havana, miroso hatrany isika. Miatrika ny Moïse Sacerdotal ny pretrantsika. Anisan'ny dinihin'izy ireo manokana ny vokatry ny Sinaody faha-7 mba ahafahantsika miatrika ny Sinaody any Vohemar. Entintsika am-bavaka izy ireo mba ny Fanahy Masina no hanilo azy fa indrindra hiatrika ny laretirety izy.

Amin'izao Alahady faha-15 mandavantaona izao dia aoka ho tsarovantsika fa eo anivon'ny dia sady ady no tsy ivelomantsika ny finoantsika isika araka ny voalazantsika matetika. Ady amin'ny ratsy izay mitady handrendrika antsika amin'ny alalan'ny rafi-potoana mikiky antsika fa dia mitondra antsika amin'ny fivelaram-piainana anatin'ny rafi-pivelomana ny maha-zanak'Andriamanitra. Aza adino koa fa ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka hiasan'ny fahasovan'Andriamanitra mitondra antsika amin'ny fiainana mamokatra ho antsika sy ireo manodidina atsika ka mahatonga atsika ho fanasina sy fahazavana. Izany no tanjona ny ezaka rehetra iarahantsika manao amin'izao Sinaody izao ka hahatonga antsika ho EGLIZY VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Vakiteny I : Det. 30, 10-14

Salamo : Sal. 68

Vakiteny II : Kôl. 1, 15-20

Evanjely : Lk. 10, 25-37

Ao anatin'izao Alahady faha-15 tsotra izao dia miditra amin'ny tapan'ny faharoa amin'ny fandalinam-pinoana isika. Raha mijery tsara isika dia Alahady 30 eo ho eo mandavantaona no andalinantsika ny finoana izay hifarana amin'ny Alahadin'I Kristy Mpanjaka hankalazantsika ny

Sinaody tapany voalohany any Vohemar. Tsy mahagaga àry ry Kristianina havana amin'izao alahady faha-15 izao ivon'izany fandalinam-pinoana hivelomantsika an'izay finoana izay, raha

ny votoatin'ny fampianarana anio ny fomba ivelomantsika akaiky kokoa ny finoana ary ny manampy antsika hiroso amin'izay fivelomanana ny finoana izay.

Ampianaran'ireo Tenin'Andriamanitra androany fa tsy lavitra Andriamanitra voalohany Ray Izy ka miara-dalana amintsika fa aoka hazava amintsika fa eo akaikintsika io amin'ny alalan'ireo havantsika eo akaikintsika satria izy ireo dia mitovy endrika amin'Andriamanitra. Tanteraka izany raha mivelona ny didim-pitiavana isika izany hoe raha ny fampianaran'I Papa François dia Mpiray tampo isika, Olo Araiky isika Jiaby, Fratelli Tutti. Tanteraka izany raha mivelona ny didim-pitiavana isika izay mahatonga hivelomantsika ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Io no foto-pampianarana androany. Araky ny voalazan'ny Md Paoly mandalo ny zavatra rehetra, mandalo ny finoana, ny fanantenana fa ny fitiavana kosa maharitra ary izay ny fototry ny fampianarana androany.

Tsy mahagaga raha tonga ity mpanora-dalana ity nanontany an'i Jesoa inona ny ataoko hahazoako ny fiainana mandrakizay. Ao amin'ny Evanjely hafa ao amin'i Md Marka dia ny tanora feno fanentanana no nametraka io fanontaniana io. Ny tanora moa feno fanantenana mandrakariva satria mijery ny ho avy. Raha nanao JMJ isika dia apetratsika io lohahevitra ary nantrintanterintsika fa aoka tsy hoekentsika tanora ho viravirain'olona izay fanantenana izay. Omeo an'izay afaka hanome fiainana ny fanantenana satria izay manana ny fiainana irery ihany no afaka mameno izay antenaina ary tokana no afaka manome fiainana dia izay tompon'ny fiainana dia I Jesoa.

Henontsika tamin'ny Evanjely teo ary ho antsika rehetra fa tsy ho an'ny tanora ihany, niany tokoa ny hoavy hoy i Jesoa fa tsy amaray. Arakaraky ny andrafetantsika ny fiainantsika ny hoavy, raha tsara rafitra izao fiainantsika izao dia ho tsara ny hoavintsika.

Tsapan'ilay mpampiana-dalàna izany ary fantatr'i Jesoa fa tsy hoe tahaka ireo tonga manontany azy, tahaka ireo hanao izay haminganana sy hamitapitahana azy, henontsika ireo Farisiana, ireo Sadoseana, na dia mpampiana-dalàna aza mametraka fanontaniana. Izay ny mahatonga an'i Jesoa miditra lalindalina kokoa amin'ny famaliana ny an'ity mpanora-dalàna ity ka nanontanian'i Jesoa izy hoe : "*Inona ny voasoratra ao amin'ny lalàna ?*" Ny lalàna dia manabe antsika, tsy hoe discipline fotsiny fa manoro làlana antsika ary izay no tsara mba ho tandalàna ny firenena ary lalàna hotanterahina, hivelomana fa tsy an-taratasy fotsiny.

Izay no navalin'ilay mpampiana-dalàna fa tsy maintsy mitia an'Andriamanitra amin'ny fo manontolo, amin'ny hery manontolo ary ho tia namana tahaka ny tenanao. Namaly azy i Jesoa ary nilaza fa tena marina ny famaliny kanefa ilay mpampiana-dalàna te-hahafantatra lalindalina kokoa an'Andriamanitra satria ny fitiavana an'Andriamanitra dia mitovy amin'ny fitiavana namana ka raha tia ny namana dia ao amin'Andriamanitra tokoa ka nanontany hoe :

" *Iza ary no namako* " ? raha amin'ny teny frantsay moa no adika dia ny hoe "mon prochain" ka izay akaikinao izay no nanontaniany.

Azon'i Jesoa atao ny nampianatra an'ity mpampiana-dalàna ity fa fantatr'i Jesoa fa tsy ho azy ihany ny fampianarany fa ho antsika koa ka nanao ilay fampianarana lehibe izay fantantsika rehetra dia ny fanoharana mikasika an'ilay samaritana tsara fanahy.

Araky ny voalazan'io fanoharana io dia misy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema ho an'ny Jerikao, nisy nikapoka ka naratra.

Azo lazaina fa isika olombelona io, avy amin'ny tanàna masina, isika eto amin'izao tontolo izao dia maro ny zavatra mikapoka antsika. Tsy inona fa ilay RAFI PAHOTANA voalazantsika eo ambony izay manangeja antsika, mandratra ny fiainantsika ary mamono mihitsy azy. Milaza miara-mahita isika milaza izany. Jereo ny zava boahary potika, jereo ny fiaraha-monintsika rotidrotika...

Henontsika teo fa nisy nandalo, nisy ireo mpisorona, nisy ireo mpanora-dalàna, nisy ireo levita mpisorona, ireo izay mahafantatra tsara ny lalàna fa tsy nijery azy, nefa ity Samaritana izay tsy nifankahazo tamin'ny Jody kanefa Jody no naratra dia henontsika fa io Samaritana io no nangoraka.

Manao sinaody isika. Eglizy miara-dia samia mandinika ny madidina antsika ka mamaritra izay rafi-pahotana? Ary ahoana no mba hahatonga antsika ho Samaritana tsara fanahy.

Izany tokoa ry Kristianina havana, izao fiatrehantsika ny Sinaody izao na manakoako tokoa ao am-po io fanoharana io. Fanoharana mampibaribary an'Andriamanitra Ray be fitiavana be famindram-po. Ary i Kristy io Samaritanina tsara fanahy io Izy no nandray ilay naratra sy nikolokolo azy. Io "fanehoam-pitiavana tsy misy efitrefitra" (charité intégrale) ampianaran'I Papa ao amin'ny Ansikilika Fratelli Tutti.

Raha manontany isika iza ny namako tahaka an'ilay mpanora-dalàna, tsy sentosento ny fitiavana fa fiainana, fikarakarana, fangorahana, fidirana, fananana fotoana, tsy hoe mandalo fotsiny fa miditra an-tsehatra mikarakara araka ny voalazantsika hoe : "tany lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra isika" ary dia isika no mikarakara ireo akaiky antsika, ireo namantsika izany hoe manompo. Ary izay ny fivavahantsika dia ilay Andriamanitra manompo ka noho izany isika koa tsy maintsy manompo ny hafa no manana ny disponibilité, manana ny fahavononana amin'ny fikarakarana izay.

Matetika isika no mananteny : *"Inona no tianao ambara amin'ny fihavanana sady kristianina no Malagasy"*. Io no valiny : fahafoizana sy fanompoana. Tsy misalasala I Papa François manambara fa io no fototry ny tena pôlitika marina : fahafoizana sy fanampoana. Raha-te hahafantatra mpanao pôlitika azo itokiana isika dia jereo raha mahafoy izy ary tena manompo...

Anisan'ny nanaitra ahy teo am-pamakiana an'ity Evanjely ity, rehefa nentiny tany an-tranom-bahiny izy dia nilaza tamin'ilay tompon-trano *"tsaboy izy ary na ohatrinona na ohatrinona ny laninao amin'ny fitahana azy, honerako rehefa miverina aho"*. Azo lazaina izany fa isika io

tranom-bahiny io, ny Eglizy endrikin'ny famindrampon'Andriamanitra atolotr'i Jesoa amintsika ireo namantsika. Isika Eglizy kely fianakaviana ao an-trano ao no tranom-bahiny ary izay lazain'i Jesoa izay hoe karakara, dia io koa ny baiko azontsika ry Kristianina havana, tsy baiko mamoritra fa hivelomana ny finoana satria manko matetika raha vao miteny hoe baiko dia mamoritra, izay ny dikany amintsika. Filazana ny tena izy, ny maha-izy antsika dia natolotr'i Jesoa amintsika, izany hoe ny fikarakarana an'ireo akaiky antsika rehetra manomboka ao amin'ny Eglizy kely, ao amin'ny Eglizy fiombonana dia isika no asaina mikarakara izay, tsy hijery na ohatrinona na ohatrinona, izany hoe tsy ho voafetra izay fitiavana izay. Izany ny voalazan'i Jesoa raha mikarakara ireny isika dia mahazo zato heny ary mihoatra izay eritreretintsika aza. Ny tadiavin'i Jesoa dia isika hahafoy, tsy misaraka izany ny disponibilité sy ny renoncement, miala amin'ny avonavona, amin'ny fitiavan-tena, amin'ny fialonana izay rindrina mahatonga ny fisaratsarahana sy ny korontana eto amintsika.

Ry Kristianina havana aoka isika amin'izao ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao indrindra amin'ny dia sy ady hirosoantsika lalindalina kokoa amin'ny fanorenana Tranobe lombonana hahatonga antsika ho Fianakaviam-ben-Janahary, ho Olo Araiky Isika Jiaby ka zary Eglizy Velona velomin'ny Batemy miombona mandray an-tanana irahina ho Misionera, zary Tabernakla Velona fa indrindra eo anivon'ireo izay anatin'ny fahoriana, voahilikilika, naratra ka vonona isika hikarakara azy ireo. Hivelona ny finoana isika tahaka ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany (*Det. 30, 10-14*) raha nampianatra ny vahoakany Andriamanitra ary izay koa ny antitranterin'i Md Paoly tany Kolosy amin'ny vakiteny faharoa (*Kôl. 1, 15-20*), mibanjina an'i Kristy isika dia mibanjina an'ireo manodidina antsika ary i Kristy efa teo talohan'izao rehetra izao ary tamin'ny alalany sy tao aminy no nahariana ny zava-dehetra.

Na dia eo aza ny fahasoratan'izay fikarakarana sy ny fikolokoloana izay eo akaikintsika izay ka ialantsika ny toetra mamoritra atsika dia ny fitiavan-tena ka amin'izay dia matoky isika fa i Kristy no nandresy an'izao rehetra izao ka eo anivontsika mandrakariva izy, hoy Md Paoly, ka hahafahantsika manatanteraka an'izay sy baikon'i Kristy ary izay ny maha-Kristianina antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, mitodika aminao tokoa izahay amin'izao Alahady izao, eto anivonay tokoa ianao, akaiky ianao satria endrikao no sady endrika maha-zanak'Andriamanitra anay ireo manodidina anay ka ampio ary izahay ho Samaritana tsara fanahy ka hijery, hikarakara ireo manodidina anay izay eo anilanay mandrakariva ary ho vonona hamonjy an'izay rehetra mila fanampiana sy fanompoana avy aminay ka hahatsapa izy ireo fa tsy Andriamanitra lavitra Andriamanitra ianao fa akaiky, indrindra ireo maratra ny hetraketraky ny fiainana. Masina Maria ianao no Tabernakla velona voalohany, ampianaro izay mba “eny” koa ny fiainana ka vonona hitondra an'i Jesoa eo amin'ny namanay. Md Josefa ray Mpieron'ny Eglizy Erantany mivavahà ho anay mba ho Eglizy miara-dia tokoa izahay amin'izao Sinaody izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson